REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILAN-KEVITRY NY MINISITRA

*Alarobia 06 novambra 2024 – Lapam-panjakana Iavoloha*

Notanterahina teny amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha androany Alarobia 06 novambra 2024 ny Filan-kevitry ny Minisitra, notarihin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina ary natrehin'Andriamatoa Praiminisitra, Ntsay Christian, Lehiben'ny Governemanta, sy ireo Minisitra isan-tokony.

## I- FANARAHANA IREO TETIKASAN'NY FILOHAN'NY REPOBLIKA

### MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY VAROTRA

Ny fampiroboroboana ny indostria no anisan'ny andry iankinan'ny politika ankapoben'ny Fanjakana izay napetraky ny Filohan'ny Repoblika ary mikendry ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy amin'ny alalan'ny famoronana asa sy ny fanatsarana ny toe-piainan'ny vahoaka ary ny fanamafisana ny harikarena faobe. Tanjona napetraky ny Filohan'ny Repoblika rahateo ny hamokarana eto an-toerana ihany izay rehetra ilain'ny vahoaka malagasy. Ho fanatanterahana izany fanamby izany dia hapetraka ireo faritra fampiasam-bola na "zones d'investissement" izay natao hamondronana ireo orinasa ary hisy ftsipika ara-ketra sy satan'ny faditseranana hifehy azy ireo manokana. Miisa dimy izy ireo no voafaritra ary nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ankehitriny: Mangatany Arivonimamo, Taolagnaro, Toliara, Moramanga ary Andrakaka. Ny EDBM no iandraikitra ny fampandehanana azy ireo sy hamaritra ireo fepetra arahana. Eo anivon'ny EDBM ihany koa no tokony ahitana ny antontam-baovao sy antontan'isa rehetra ilaina raha handraharaha na hampiasa vola eto Madagasikara.

### MINISITERAN'NY ANGOVO SY AKORAN'AFO

Toromarika mazava nomen'ny Filohan'ny Repoblika nandritra ny fitsidihana nataony teny amin'ny toby mpitsinjara herinaratry ny orinasa JIRAMA teny Ambohimanambola ny hanafoanana hatramin'ny 80% ny fahatapahan-jiro eto amin'ny tambazotra iraisan'Antananarivo RIA indrindra eo anelanelan'ny amin'ny 6 ora maraina hatramin'ny 10 ora alina. Efa fantatra fa nidina ambany dia ambany ary tsy mbola niakatra ny famokarana herinaratra ao Andekaleka ka tsy maintsy hirosoana amin'ny fampiasana ireo milina rehetra mandeha amin'ny solika (LFO) sy menaka mavesatra (HFO). Nampiakarina ho 450.000 litatra ny solika ampiasaina raha 250.000 hatramin'ny 300.000 litatra isan'andro izany teo aloha. Tsy maintsy ampandehanina ihany koa anefa ilay milina goavana TAC ao Ambohimanambola mba hampihena ny fahatapahan-jiro. Fotoana voafetra ihany anefa no hampandehanana azy io mba tsy hisian'ny fandaniana mihoa-pampana amin'izany. Mba hahafahana mamatsy ara-potoana ireo milina dia ampitomboana ho 15 hatramin'ny 20 isan'andro ihany koa ny isan'ireo fiarabe mitatitra solika avy any Toamasina miakatra eto Antananarivo. Hisy ny fiaraha-miasa amin'ny Zandarimariam-pirenena hanara-maso ny fitaterana azy ireo sy ny fisavana ny lalana.
Araka ny toromarika nomen'ny Filohan'ny Repoblika dia hatsangana farany izay haingana ny fametrahana ilay ivon-toerana mpamokatra herinaratra mandeha amin'ny herin'ny

masoandro manana tanjaka 20 MW eto Antananarivo. Hisy ihany koa ireo ivon-toerana manana tanjaka 5MW hapetraka isaky ny renivohi-paritany sy any Nosy Be.

**MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA ARY NY FIDIOVANA**

Mitohy ny fitsinjarana rano amin'ireo "bonbonnes" napetraka manarena ireo fokontany. Rano 1190m³ ankehitriny no taterina isan’andro amin’ny alalan’ieo fiara lehibe miisa 25. Etsy ankilany dia miroso ny fanajariana ireo "forages" miisa 34 izay nahitana fahasimbana sy ny fametrana "forages" vaovao miisa 35. Hanomboka amin'ny farany volana janoary 2025 kosa ny asa fanamboarana ny tobim-pamokarana rano ao Amoronankona izay hamokatra 50.000 hatramin’ny 60.000m³ isan’andro sy ny toerana fitahirizan-drano ao Ambohibe.

Namerina ny Filohan’ny Repoblika fa tokony hentitra hatrany ny tompon’andraikitra tsy hisy fihoaram-pefy na fanararaotam-pahefana, indrindra fanodikodinana izay tokony ho an’ny vahoaka.

## II- FAMPITANA AM-BAVA

**MINISITERAN'NY FITSARANA**

**Nankatoavin’ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fanombohana ny asa fanamboarana sy fanovana ary fanitarana "hangar communal" ho fonja mahazaka voafonja hatramin’ny 180 ao Besalampy.**

**Nankatoavin’ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fampandehanana amin'ny fomba ofisialy ny "Pôle Anti-Corruption" (PAC) Fianarantsoa amin'ny 13 desambra 2024. Ity no PAC fahatelo aorian'Antananarivo sy Mahajanga ary hiandraikitra ny faritry Fianarantsoa sy Toliara.**
Ady mandavan-taona ary tena imasoan’ny Fitondram-panjakana ny ady amin’ny kolikoly satria izany dia efa voaporofo fa mampiditra ny firenena tao anaty fahantrana lalina

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA + MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY VAROTRA**

**Nankatoavin’ny Filan-kevitry ny Minisitra ny hanatanterahana ny asa fanamboarana sy fanajariana ny "périmètre irrigué Basse Mahavavy", Faritra Diana izay nitondra takaitra taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Gamane**. Ireo asa ireo dia hiantoka ny taom-pambolena vary sy siramamy, ny fahavitan-tena ara-tsakafo sy ny asa famokaran'ny ozinina mpamokatra siramamy ao Ambilobe.
Nanterin’ny Filohan’ny Repoblika fa ilaina ny fanisana sy hanaovana tahiry ireo “pont bailey” indrindra ankatoky ny vanim-potoanan’ny rivo-doza izao. Eo ihany koa ireo milina mpitroka rano (pompes à eau) amin’ireo toerana ahiana ho dibo-drano.

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY AKORAN'AFO**

**Nankatoavin’ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fanohanan'ny fanjakana ny orinasa JIRAMA amin'ny fividianana solika LFO SY HFO amin'izao vanim-potoanan'ny main-tany izao.** Tafiditra ao anatin’izany ny fampandehanana ny milina lehibe TAC 30MW mandeha amin'ny alalan'ny gasoil izay halefa isan-kariva mandritra ny adin’ny efatra, ny fampitomboana ny menaka mavesatra ho 120.000 litatra isan’andro ary ny fampandehanana ny milina HFF 8MW mandritra any adin’ny 16 isan'andro.

**MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAIN-JAFY**

Nankatoavin’ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba fanombohana ny taom-pambolen-kazo 2024 -2025 izay ho tanterahina eny Andekaleka ny 16 desambra 2024. Velaran-tany 50Ha no volena manodidina ny tohodrano ao

Andekaleka ho fiaroavana ny tany sy hanohanana ny fandrindrana ny rano izay ilaina ihany koa amin'ny famokarana herinaratra.

Nosafidiana manokana ny toerana hanaovana ny fambolen-kazo ho fitsinjovana ny taranaka fara mandimby manoloana izao tsy fahampiana angovo iainantsika izao. Ny fambolen-kazo dia anisan'ny hetsika fototra eo amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fiovan'ny toetrandro.

## III- FANKATOAVANA DIDIM-PANJAKANA

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

Nolanian'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny volavolan-dalàna manome alalana ny fanaovan-tsonia ny findramam-bola momba ny « Projet régional de préparation aux situations d'urgence et d'accès à une reprise inclusive (REPAIR – Regional Emergency Preparedness and Acces to Inclusive Recovery) » eo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana (IDA). Tanjon'ity fandaharan'asa ity ny hanome fampiomanana ara-bola ireo firenena misitraka izany hahafahan'izy ireo miomana amin'ireo fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetrandro

## IV- FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-1135 tamin'ny 03 aogositra 2022 ary manendry ny **Colonel ANDRIAMBOLOLONA Mami Marie Patrick**, ho "Directeur du Bureau Communication et Actions Civilo-Militaires de l'Etat-Major des Armées."

**MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

Nolaniana ny didim-panjakana manendry an-**dRamatoa RAKOTOMALALA Lantosoa,** ho Masoivohon'ny Repoblikan'i Madagasikara any Etazonia

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY VAROTRA**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-704 tamin'ny 01 jolay 2020 sy laharana faha 2024-693 tamin'ny 20 marsa 2024 ary manendry an-d**Ramatoa ANDRIANARIVO Lalaina Priscilla**, ho Sekretera Jeneraly.

**MINISITERAN'NY FIZAHANTANY SY NY ASA TANANA**

Nolaniana ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAVELOARISON Saholinirina Julia née ANDRIJOELINA**, ho Talem-paritry ny fizahantany sy ny asa tanana Vakinankaratra.

**MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA**

- Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-1101 tamin'ny 27 jolay 2022 ary manendry an-d**Ramatoa NARIJAONA Elda**, ho "Directeur du Fonds LOVAKO « Loharano Otrika Vola ho An'ny KOlontsaina »"
- Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1240 tamin'ny 06 jona 2019 an**'Andriamatoa RAVONJIARIVELO Tojolalaina**, ho Tale Jeneralin'ny "Office National des Arts et de la Culture" (OFNAC)

## V- FANAFOANANA

**MINISITERAN'NY ASA VAVENTY**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-403 tamin'ny 07 aprily 2021 nanendry ny "Directeur des Etudes et des Normes".

**MINISITERA DELEGE MIADIDY NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA**

Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1265 tamin’ny 10 novambra 2021 nanendry ny Kaomandin’ny “Forces d’intervention de la Gendarmerie Nationale”

***Natao ny 06 novambra 2024***

***Ny Fitaleavan’ny Serasera eo anivon’ny Fiadidiana ny Repoblika***